# FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 07 - 13 OKTOBRA 2015

---

*Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.*

## VAOVAO NISONGADINA

### FANDANIANA NY VOLAVOLAN-DALANA MIKASIKA NY CENI, IZAY NASIAM-PANOVANA IRAY IHANY

Solombavambahoaka 85 amin'ireo 151 no nandany ny volavolan-dalàna mikasika ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana nandritra ny fivoriana tsy ara-potoana nataon'ny parlemanta. Fanovana iray ihany no natao tamin'ny rijan-teny, izany hoe ny fanavaozana ny taona faran'ny ambany ho an'ireo mpikambana ao amin'ny biraon'ny rafitra vaovao miandraikitra ny fandaminana ny fifidianana, ferana ho 35 taona fa tsy 40 taona. Ny vondrona politika MAPAR sy ARMADA dia niseho ho misalasala mikasika ny voalazan'ny antontan-taratasy sy ny fomba nandaniana azy. Noho izany ireo solombavambahoaka avy amin'ireo antoko politika roa dia tsy nandray anjara tamin'ny latsabato.

**KOLO TV** dia nitondra ny fomba fijeriny mikasika ny isan'ny solombavambahoaka nandany ny rijan-teny. Misintona ny saina izy fa ny fanisana nataon'ny Antenimieram-pirenena dia tsy mifanaraka amin'ny isan'ny solombavambahoaka voaisan'ny mpanao gazety, izay 77 fotsiny. Christine Razanamahasoa moa aza dia manamafy fa ny farany betsaka amin'ny isan'ny Solombavambahoaka dia tsy nahatratra mihitsy io habetsahana solombavambahoaka 85 io. **FREE FM** dia manambara ihany koa, tsy ankanavaka fa solombavambahoaka miisa 58 tamin'ireo solombavambahoaka 76 tonga no nandany ny volavolan-dalàna, ka nanamafy ny ahiahy amin'ny tarehi-marika nomen'ny Antenimieram-pirenena.

Mikasika ny tolo-dalàna avy amin'ny VPM-MMM, vondrona ao anatin'ny ARMADA, izy io dia nampiarahina tamin'ny volavolan-dalàna avy amin'ny governemanta, araka ny nanamarinan'ny **TV PLUS**, tamin'ny nitaterany ny nolazain'ny minisitry ny Atitany, Solonandrasana Olivier Mahafaly. Miombon-kevitra amin'izany, ny soso-kevitra avy amin'ny fiaraha-monim-pirenena sy ny antoko politika dia noraisina ihany koa. Tao amin'ny onjam-peon'ny **FREE FM** sy ny **RADIO PLUS**, ny filohan'ny vondrona politika VPM-MMM Hajo Andrianainarivelo dia nanohitra ny hevitra ka niampanga ny governemanta ho namitaka ny antoko politika. Aminy dia tsy nisy mihitsy ny fiheverana ny tolokevitra navoaka nandritra ny fakan-kevitra nataon'ny minisiteran'ny Atitany. Ny minisitra dia efa niaiky io hadisoana io hoy ihany i Hajo Andrianainarivelo, hilazana fa tokony ho napetraka mialoha ny vaomiera isasahana iray hiandraikitra ny fandinihana mifanindra-dàlana ny tolo-dalàna roa, dia ny an'ny governemanta sy ny an'ny vondrona VPM-MMM. Ho an'ny mpanao gazetin'ny **VIVA**, ny latsabato tamin'ny fivoriana atrehin'ny rehetra dia fombafomba fotsiny ihany, raha nozahana fototra ny fihetsik'ireo solombavambahoaka sasantsasany tonga nanatrika ny fotoam-

pivoriana izay heverina ho fihatsarambelatsihy, nandritra ny fakan-kevitra tao amin'ny Hotely Colbert. Nampiseho miharihary ny fironany ny mpanao gazety, ka niampanga ny solombavambahoaka izay nanohitra ny volavolan-dalàna nataon'ny governemanta nandritra ny fakan-kevitra nokarakaraina tao amin'ny Hotely Colbert. Ireo solombavambahoaka maty eritreritra ireo ihany avy eo no nandany ny rijan-teny. Tsy nahagaga kosa ny fiandanian'ny solombavambahoaka ao amin'ny antoko TIM tamin'io volavolan-dalàna io, satria hita ny fifanatonana eo amin'ny minisi-panjakana Rivo Rakotovao sy ny filohan'ny antoko Marc Ravalomanana. Ny mpihaino ny **radio ANTSIVA**, tao amin'ny fandaharana **Sehatra ho an'ny mpihaino**, dia nahita tao amin'ny fandaniana io volavolan-dalàna io, ny fahatokiana ny hifidianana indray ny filohan'ny Repoblika ankehitriny amin'ny taona 2018.

## FOTOTRY NY DISADISA

### TSY FANDRIAMPAHALEMANA IAINANA : JIOLAHY ANY AMIN'NY TANAN-DEHIBE SY "DAHALO" ANY AMBANIVOHITRA

Mitatra ny fisehoan'ny tsy fandriampahalemana. Ny haino aman-jery any amin'ny faritra sy ireo any an-drenivohitra araka izany dia manaitra fa miaina amin'ny horohoro ny mponina manerana ny tanim-pirenena. Any Atsimo, ny tanànan'i Befotaka dia babon'ny dahalo. Ary any amin'ny ankabeazan'ny tanàn-dehibe any amin'ny faritra, toy ny ao Fianarantsoa, ny **RADIO TSIRY**, **RTV SOAFIA** ary **VIVA TV** dia manamarina ny fahafatesana olona mahatsiravina, maty nandritra ny fanafihana mahery vaika tao amin'ny fokontanin'i Tanambao Fierenana ao Tsaramandroso, na koa ny fikasana hamono ny ben'ny tanàna vaovao ao Bekisopa Tanamarina. **VIVA TV** araka izany dia nilaza fa izany fihetsika izany dia fiokona ara-politika hanoherana ny voafidy tamin'ny anaran'ny MAPAR.

Nanjary nalefa tao amin'ny televiziona **TNTV** isaky ny alahady amin'ny 7ora sy sasany ny fandaharana **Tafa sy Dinika** ao amin'ny **RFONE**. Nasaina tamin'izany ny Pr Henri Rasamoelina, mpampianatra mpikaroka sady mpanao gazety, niresaka ny mahakasika ny tsy fandriampahalemana. Nolazainy ny herisetra nataon'ny mpitandro ny filaminana sy ny mpiasam-panjakana manam-pahefana ary nampangaina ho tompon'andraikitra tokana amin'ny tsy filaminana ny Filoham-panjakana. Tao Toliara, ny **RADIO SITENY** dia nanaitra ny fijerin'olona tamin'ny fitaterana ny fandrobana tranombarotry ny teratany karàna iray tao amin'ny fokontany Sans Fil. Na teo aza izany trangan-javatra mamohehatra izany, dia niezaka nampitony ity haino aman-jery ity ka nampibaribary ny finiavan'ny fikambanana « Vilon'i Toliara » mba hamaritana ny vahaolana fototra amin'ny tsy fandriampahalemana.

Ny haino aman-jery eto an-drenivohitra toy ny **MA-TV** sy **VIVA** dia namerina nandefa tamin'ny fomba tsy miandany ny fanafihana maromaro nataon'ny « dahalo » tao amin'ny tanànan'i Befotaka ary koa ny fanambaran'ny Jeneraly Anthony Rakotoarisoa ny amin'ny fanisana ny fitaovam-piadiana voaroba. Tamin'ity indray mitoraka ity, ny fanafihana dia nikendrena ny tobin'ny zandarimaria mba hangalarana ny fitaovam-piadiana sy ny bala ao. **ANTSIVA** kosa dia naka ny hevitry ny olona maro, ka ny tanjony dia ny haneho voalohany ny tsy fahaiza-manaon'ny governemanta. Toy izany koa, ny praiminisitra teo aloha Omer Beriziky dia nilaza fa ny tsy fahampian'ny fiaraha-midinika amin'ny mponina no fototry ny firongatry ny tsy fandriampahalemana. Ny mpanao gazety, izay tsy misy fisalasalana na kely aza, dia mahita ao anatin'izany trangan-javatra izany, ny fipoiran'ny mpitarika ady izay tsy vitan'ny mangalatra taolam-paty ihany fa mivarotra ny harena voajanahary ihany koa. Nanamafy izany ny mpanao gazety Annick Raherimanana tamin'ny fampitana ny tsaho izay

nandrahonan'ireo jiolahy ireo hiakatra an-tanàn-dehibe ary nolazainy fa tsy resaka « dahalo » fotsiny izany. Nandritra ny fandaharana ampandraisam-pitenenana tao amin'ny **ANTSIVA**, dia nifandimbindimby niditra ny mpihaino ka nitsikera mafy ny tompom-pahefana. Nanampy tosika ihany koa ny mpanentana izany fandaharana izany tamin'ny filazany fa *«ireo dahalo ireo dia hiafara amin'ny fanonganam-panjakana »*. Izany dia mety hitovy amin'ny hetsiky ny Boko Haram.

## FILAZA TSY MENDRIKA

Mandrangitra tokoa ny fanehoan-kevitry ny mpihaino sy ny mpanao gazety mandritra ny fandaharana ampandraisam-pitenenena ao amin'ny radio **ANTSIVA** sy **FREE FM**, mikasika ny zava-misy tao ho ao. Manoloana ny fahatapahan-jiro lavareny, ny tsy fandriampahalemana sy/na fanafihana ny tobin'ny zandarimarian'i Befotaka, dia manenjika mafy ny mpanao politika mihitsy ny mpihaino ny fandaharana **Sehatra ho an'ny mpihaino** ao amin'ny radio **ANTSIVA**. Nambarany ihany koa fa *« ny governemanta Kolo Roger dia nizara vola ho an'ny dahalo mba hijanonany tsy hangalatra intsony»*. Miandany amin'izany fiampangana tsy marim-pototra izany, ny mpanao gazety dia mametra-panontaniana amim-pahatezerana : *« Fa firenena aiza no iainantsika ? Dia rariny ve ny fanomezana karama ny jiolahy ? Tsy ny hanasazina azy ireo ve no vaindohan-draharaha ! »*

Raha ny mikasika ny fahatapahan-jiro lavareny, dia nosokajian'ny mpanao gazetin'ny **FREE FM** ho «*finaritra amin'ny fampijalian-tena* » ny Malagasy satria tsy miraika mihitsy manoloana ny fijaliany. Nanao tsiahy indrindra ny mahakasika ny fahatapahan-jiro lavareny ny mpanao gazety, nefa koa ny amin'ny zava-misy ara-toekarena sy ara-tsosialy amin'ny ankapobeny. Tsy afaka tamin'izany fanambaran-tranga izany koa ny mpitandro ny filaminana, ka lasibatry ny siosio tsy marim-pototra tamin'ny hetsika « Fahalemana ». Noho izany, ny **KOLO TV** dia nanadihady ny solombavambahoakan'i Belo-Tsiribihina, Paul Rakotozanakolona ; ka nilaza tamin'izany izy fa *« ny mpitandro ny filaminana dia maka an-keriny ny mponina sy tsy misalasala ny hamono azy ireo »*. Io haino aman-jery io dia nisafidy mazava ny handefa izany resaka izany mba hanaporofoana fa mivadika ho zava-dratsy ny hetsika.

**Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :**
Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu
Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu
Site web: www.incipals.eu